



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**IREO TOETRAM-PIFANDRAISANA AMIN'NY FANAHY MASINA**  
**– LES CARACTERES DES RELATIONS AVEC L'ESPRIT SAINT**

Talata 14 jolay 2020  
Mardi 14 juillet 2020

**ANANIASY SY SAFIRA NA NY LAINGA AMIN'NY FANAHY MASINA**  
**– ANANIAS ET SAPHIRA OU LE MENSONGE AU SAINT-ESPRIT**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :** Hoy ny Tenin'Andriamanitra mampitandrina antsika, araka izay hitantsika ao amin'ny Asa. 5, 4 – Voici la Parole de Dieu qui nous prévient dans Actes 5, 4 :

« Tsy nandainga tamin'olona ianao, fa tamin'Andriamanitra ». Amen !  
« Ce n'est pas à des hommes que tu as menti, mais à Dieu ». Amen !

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :** Aoka hiaraka hivavaka isika rehetra – *Prions ensemble :*

**Hira (Chant) chorale :** Andeha hiaraka hihaino hira chorale iray isika - *Je vous propose d'écouter un chant chorale pour commencer :* **Hay teo foana i Kristy (CU 2004)**

**Teny fampidirana – Introduction :**

- Miarahaba antsika rehetra amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, Lohan'ny Fiangonana, aho. Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen – *Je vous salue tous au Nom de Jésus-Christ, le chef de l'Eglise. Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*
- Ny toetram-pifandraisana amin'ny Fanahy Masina no lohahevitra hobanjinitsika amin'ity herinandro ity. Ny amin'i Ananiasy sy Safira izay nandainga tamin'ny Fanahy Masina no ho zaraina amintsika androany, araka ny Asa. 5, 1-11 – *Cette semaine, nous*

*verrons les caractères de nos relations avec le Saint-Esprit. Aujourd'hui, nous parlerons d'Ananias et Saphira qui ont menti au Saint-Esprit, selon Actes. 5, 1-11.*

- Ny bokin'ny Asa. dia mitantara ny fiainan'ny Fiangonana kristiana voalohany niaraka tamin'ny Apôstôly 12 lahy, i Jodasy Iskariota dia nosoloan'i Matiasy – *le livre des Actes relate la vie de la première Eglise chrétienne autour des 12 Apôtres, Judas Iscariot étant remplacé par Matthias*
- Ny tantara momba an'i Ananiasy sy Safira dia voaresaka ao amin'ny tapany 1 ao amin'ny Asa. Hita ao i Petera izay manatrika ireto mpivady, Ananiasy sy Safira, ireto, izay nihevitra ny hamitaka ny Fiangonana noho ny tsy fahafoizany ny fananany. Ambaran'ny Asa. manko fa niombonan'ny mpino rehetra tao amin'ny Fiangonana kristiana voalohany ny fananany rehetra (Asa. 4, 32). Kanefa ao amin'ny toko manaraka, dia misy azy mivady ireto izay tsy nanaiky izany kanefa te-hampiseho izany, mba tsy hiavahana amin'ny hafa, na dia mampiseho fihatsaram-bela-tsihy be aza amin'izany fihetsika izany – *L'histoire d'Ananias et Saphira s'inscrit dans la première partie des Actes des Apôtres, qui décrit la communauté de Jérusalem autour des Douze. Le récit met en scène l'apôtre Pierre face à deux membres de l'Église de Jérusalem, les époux Ananias et Saphira qui voulaient tromper l'Église car ils n'acceptaient pas de donner toute leur richesse à l'Église. Les Actes insistent sur la mise en commun des biens qui caractérise la vie des premiers chrétiens au sein de l'Église de Jérusalem (Avvtes 4, 32). Or le passage suivant montre qu'Ananias et sa femme Saphira n'adoptent pas cette attitude mais souhaitent faire croire hypocritement cela.*
- Hiditra amin'ny Fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Asa. 5, 1-2 – *Entrons dans la première Partie de notre séance par la lecture de Actes. 5, 1-2*

## FIZARANA 1 – PARTIE 1

### Teksta 1 – Texte 1 : Asa. (Actes.) 5, 1-2 :

1 Fa nisy kosa lehilahy atao hoe Ananiasy sy i Safira vadiny nivarotra tany 2 ka nanafenany ho azy ny vola vidiny, ary ny vavy koa nahalala izany. Dia nentiny ny vola sasany vidiny ka napetrany teo anoloan'ny tongotry ny Apostoly.

*1 Cependant, un homme appelé Ananias, avec Saphira sa femme, vendit une propriété 2 et garda une partie du prix, en accord avec sa femme. Il apporta le reste et le déposa aux pieds des apôtres.*

### Toriteny 1 : – Prédication 1 : Ny mandainga amin'ny Fanahy Masina – Mentir au Saint-Esprit

:

### Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonana - *pour le foyer* : mba – *pour que* :
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Église* : mba – *pour que* :

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

- Mihainoa ny fivavakay lanao, ry Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, fa mitondra eto Aminao ny ankohonanay sy ny fianakavianay ary ireo olona akaiky ny fonay izahay. – *Entends notre prière, Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, car nous emmenons devant ta Face notre foyer, nos familles ainsi que tous ceux qui nous sont proches.*
- Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo no angatahany izany. Amen – *Nous t'en prions au Nom du Seigneur Jésus-Christ. Amen !*

### Hira (Cantique) 418, 1-2 : Amorongy fo madio :

1. Amorongy fo madio aho ry Jehovah ô !  
Ka havaozinao anio ny fanahiko izao.  
Be ny ratsy vitako ka ny heloko sasao.  
Mamindrà fo amiko, ry Jehovah Tompo ô !
2. Amorongy fo madio aho ry Jehovah ô !  
Ka diovy ankehitrilo ny fiainako izao.  
Simba ny fanahiko ka amboary ho vaovao.  
Aza esorina amiko ny Fanahy Masinao.

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Asa. (Actes.) 5, 3-6 :

3 Ary hoy Petera : « Ry Ananiasy, nahoana i Satana no nameno ny fonao handainga amin'ny Fanahy Masina ka nanafina ny vola sasany vidin'ny tany ? 4 Fony tsy namidy, tsy anao ihany va izy ? Ary rehefa namidy, tsy anao hanaovanao izay sitraponao koa va ? Nahoana no nisaina izany tao am-ponao ianao ? Tsy nandainga tamin'olona ianao, fa tamin'Andriamanitra ». 5 Ary Ananiasy, nony nandre izany teny izany, dia nikarapoka, ka afaka ny ainy. Dia raiki-tahotra loatra izay rehetra nandre izany. 6 Ary nitsangana ny zatovo, dia nofonosiny ny faty ka nentiny nivoaka, dia naleviny.

*3 Pierre lui dit : « Ananias, pourquoi Satan a-t-il rempli ton coeur, au point que tu aies menti au Saint-Esprit et gardé une partie du prix du champ ? 4 S'il n'avait pas été vendu, ne te restait-il pas ? Et, après l'avoir vendu, n'avais-tu pas le droit de disposer du prix ? Comment as-tu pu former dans ton coeur un projet pareil ? Ce n'est pas à des hommes que tu as menti, mais à Dieu ». 5 Quand Ananias entendit ces paroles, il tomba et expira. Une grande crainte s'empara de tous ceux qui l'apprirent. 6 Les jeunes gens se levèrent pour envelopper le corps, puis ils l'emportèrent pour l'enterrer.*

### Toriteny 2 : – Prédication 2 : Fahafatesana no tambin'ny ota – Le salaire du péché, c'est la mort :

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison : mba – pour que :

- ho an'ny marary - *pour les malades* : mba – pour que :
- ho an'ny namoy havan-tiana - *pour ceux qui ont perdu un être cher* : mba – pour que :
- ho an'ny mpitsabo – *pour les soignants* : mba – pour que :

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

- Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Amen –*Au Nom de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*

**Hira (Cantique) 418, 3-4 : Amorongy fo madio :**

3. Amorongy fo madio aho, ry Jehovah ô !  
Ka ny foko ahitsio, hamasino ho Anao.  
Taminao dia taminao no mba nanotàko, Ray.  
Ka ny heloko avelao, ny fanahiko ovay.
4. Amorongy fo madio aho, ry Jehovah ô !  
Ka ny fo omeko anio, raiso ho fanananao :  
Fo mangorakoraka noho ny ratsy izay natao.  
Fo miaiky heloka ka mba raiso, Tompo ô !

**FIZARANA 3 – PARTIE 3**

**Teksta 3 – Texte 3 : Asa. (Actes.) 5, 7-11 :**

7 Fa rehefa afaka tokony ho ora telo, dia niditra koa ny vavy, nefa tsy fantany izay efa nanjo teo. 8 Ary hoy i Petera taminy : « Lazao amiko : Izany ihany va no vola vidin'ny taninareo » ? Dia hoy izy : « Eny, izany ihany ». 9 Ary hoy i Petera taminy : « Nahoana ianareo no niray tetika haka fanahy ny Fanahin'ny Tompo ? Indro, eo am-baravarana ny tongotr'izay nandevina ny vadinao, ary hitondra anao hivoaka koa izy. 10 Dia nikarapoka teo anoloan'ny tongony niaraka tamin'izay koa izy, ka afaka ny ainy. Ary raha niditra ny zatovo, dia hitany fa maty, ary nentiny nivoaka ka naleviny teo anilan'ny lahy. 11 Dia raiki-tahotra indrindra ny fiangonana rehetra sy izay rehetra nandre izany.

*7 Environ trois heures plus tard, sa femme entra sans savoir ce qui était arrivé. 8 Pierre lui adressa la parole : « Dis-moi, est-ce bien à ce prix que vous avez vendu le champ » ? « Oui, répondit-elle, c'est à ce prix-là ». 9 Alors Pierre lui dit : « Comment avez-vous pu vous mettre d'accord pour provoquer l'Esprit du Seigneur ? Ceux qui ont enterré ton mari sont à la porte et ils vont t'emporter, toi aussi ». 10 Elle tomba immédiatement aux pieds de l'apôtre et expira. Quand les jeunes gens rentrèrent, ils la trouvèrent morte et l'emportèrent pour l'enterrer à côté de son mari. 11 Une grande crainte s'empara de toute l'Eglise et de tous ceux qui apprirent ces événements.*

**Toriteny 3 : – Prédication 3 : Mahafaty ny fahotana rehefa tsy ibebahana – Le péché tue si l'on ne s'en rend pas :**

**Vavaka any an-tokan-trano– Prière à la maison :**

- ho an'ny Mpitandrina – *pour nos pasteurs* : mba – *pour que* :
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants* : mba – *pour que* :

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Tompo sy nanorina ny Fiangonanao, no angatahanay izany. Amen –*Nous Te demandons cela au Nom de Jésus-Christ, notre Seigneur qui a fondé l'Eglise. Amen !*

**Hira (Cantique) 408, 1-3 sy (et) 5 : Jehovah, Ray mahari-po :**

1. Jehovah, Ray mahari-po,  
Izay tia sy mamindra fo,  
Ô, mihainoa ny hatako :  
Mba mamindrà fo amiko.
2. Izaho izay mangataka  
Tsy azo hamarinina.  
Indrisy, be ny tsiniko :  
Mba mamindrà fo amiko.
3. Tsy tamboko isaina re  
Ny fahotako marobe,  
Ka be tokoa ny tahotro :  
Mba mamindrà fo amiko !
5. Fa i Jeso no Anarana  
Izay entiko mangataka  
Ny hamelanao heloka :  
Mba mamindrà fo amiko !

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :-**

**Teksta – Texte : 1 Tim. 6, 7-14 :**

7 Fa tsy nitondra na inona na inona ho amin'izao tontolo izao isika, sady hita fa [satria] tsy hahatondra na inona na inona hiala. 8 Fa raha manan-kanina sy fitafiana isika, dia aoka hianina amin'izany. 9 Ary izay ta-hanan-karena dia latsaka amin'ny fakam-panahy sy ny fandrika ary ny filana maro tsy misy antony sady mandratra, izay mandetika ny olona ao amin'ny fandranganana sy ny fahaverezana. 10 Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin'ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin'ny alahelo be.

*7 En effet, nous n'avons rien apporté dans le monde et [il est évident que] nous ne pouvons rien en emporter. 8 Si donc nous avons de la nourriture et des vêtements, cela nous suffira. 9 Quant à ceux qui veulent s'enrichir, ils tombent dans la tentation, dans un piège et dans une foule de désirs stupides et nuisibles qui plongent les hommes dans la ruine et provoquent leur perte. 10 L'amour de l'argent est en effet à la racine de tous les maux. En s'y livrant, certains se sont égarés loin de la foi et se sont infligé eux-mêmes bien des tourments.*

11 Fa ianao kosa, ry lehilahin'Andriamanitra, mandosira izany zavatra izany, ka miezaha mitady fahamarinana, toe-panahy araka an'Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemam-panahy. 12 Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazony ny fiainana mandrakizay; fa ho amin'izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason'ny vavolombelona maro.

*11 Quant à toi, homme de Dieu, fuis ces choses et recherche la justice, la piété, la foi, l'amour, la persévérance, la douceur. 12 Combats le bon combat de la foi, saisis la vie éternelle. C'est à elle que tu as été appelé et c'est pour elle que tu as fait une belle profession de foi en présence d'un grand nombre de témoins.*

13 Izaho mananatra anao eo anatrehan'Andriamanitra, izay mamelona ny zavatra rehetra, ary eo anatrehan'i Kristy Jesosy, Izay nanao ilay fanekena tsara teo anatrehan'i Pontio Pilato, 14 mba hotehirizinao tsy hanan-tsiny amam-pondro hatramin'ny fisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika izany didy izany.

*13 Devant Dieu qui donne vie à toute chose et devant Jésus-Christ qui a rendu témoignage par sa belle déclaration face à Ponce Pilate, je t'ordonne 14 de garder le commandement reçu en vivant sans tache et sans reproche jusqu'à l'apparition de notre Seigneur Jésus-Christ.*

#### **Hira (Cantique) 405, 1-2 : Jesosy Kristy, Tompo ô, mba mamindrà fo eh :**

1. Jesosy Kristy Tompo ô !  
Mba mamindrà fo e !  
Fa raha tsy hatoninao,  
Mahantra aho re !
2. Mifona sy mangataka  
Izaho, Tompo ô,  
Noho ny Ranao latsaka,  
Vonoy ny heloko.

#### **Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont*

*offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Hira (Chant) AMF :** Andeha isika hiaraka hihaino hiran'ny chorale iray indray - *Je vous propose d'écouter un autre chant chorale : Tadiavo i Jeso (CU 1998)*

**Tso-drano - Bénédiction : Nomery 6, 24-26 :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*

*Gloire soit rendue à Dieu.*

**Pastora :** Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen ! – *Au Nom du Père, du Fils et du Saint-Esprit. Amen !*